

KATSAKA SY LEGUMINEUSE MIFANDIMBY AMIN'NY VARY

TOMBOTSOA:

- Manampy amin'ny fanjarian-tsakafo
- Manamasaka ny tany (légumineuse mitondra azota)
- Manadio ny tany amin'ny ahi-dratsy sy mandroaka ny bibikely (mucuna)
- Azoana rakotra matevina ho fanampin-jezika
- Mampitombo ny voka-bary amin'ny taona manaraka



Karepoka

Striga

TAONA 1



Katsaka sy
voanemba

Katsaka sy voanemba
notsahina mucuna

mucuna maniry man-
dritra ny main-tany



TAONA 2



Mamboly vary ambony rakotra katsaka, voanemba sy
mucuna

Avela hirakotra
mandava-taona
ny tany



TSARA HO FANTATRA

1) Raha manta ny tany, tsy maintsy atao ny fanamasahana amin'ny alalan'ny fambolena "légumineuse" manatsara tany ao anaty voly mangahazo, na voanjo alohan'ny idirana amin'ny fambolena katsaka sy voanemba.

2) Raha lonaka ny tany, ambolena amin'ny fotoana mahazatra ny katsaka sy voanemba; atsaika ny mucuna rehefa matoy ny voanemba.

🌱 Azo ampiasaina avokoa rehefa "légumineuse". Misy azon'ny olombelona atao sakafo, misy ny biby fiompy no mihinana azy. Marihana fa miankina amin'ny faritra tsirairay avy ny karazana legumineuse ampiasaina.

🌟 Rehefa masaka ny tany, mirongatra izay tsy izy ny ahi-dratsy indrindra ny karepoka (Cyperus rotundus) raha tsy ampy ny rakotra amin'ny fiandohan'ny orana.

➡ Mba hiadiana amin'izany, ampiasaina atao vadim-boly amin'ny katsaka ny mucuna ary ambolena eo ambony rakotra ny vary amin'ny taona manaraka

